

# THE SIMPLE PAST TENSE

Amin'ny teny Anglisy, dia ny simple past tense no filazam-potoana entina milaza asa na tranga niseho tamin'ny fotoana lasa.

Mizara ho sokajy roa ny verbs rehefa tanisaina amin'ny simple past tense, dia ireo manara-dalàna sy ireo tsy manara-dalàna.

## 1. Affirmative form / Endrika milaza zavatra

Amin'ny ankapobeny, dia miampy tovana "-ed" ny verb rehefa tanisaina amin'ny simple past tense.

<u>to work</u>	<u>to love</u>	<u>to notice</u>	<u>to finish</u>
I <b>worked</b>	I <b>loved</b>	I <b>noticed</b>	I <b>finished</b>
You <b>worked</b>	You <b>loved</b>	You <b>noticed</b>	You <b>finished</b>
He/She/It <b>worked</b>	He/She/ It <b>loved</b>	He/She/It <b>noticed</b>	He/She/It <b>finished</b>
We <b>worked</b>	We <b>loved</b>	We <b>noticed</b>	We <b>finished</b>
You <b>worked</b>	You <b>loved</b>	You <b>noticed</b>	You <b>finished</b>
They <b>worked</b>	They <b>loved</b>	They <b>noticed</b>	They <b>finished</b>

Ho an'ireo verbs tsy manara-dalàna kosa dia tsy misy lalàna mamaritra ny fiovany rehefa tanisaina amin'ny simple past. Ny fampiasana sy ny fitadidiana azy, araka izany, no vahaolana tokana hahafahana mamehy azy.

To teach – taught

To understand – understood

To leave – left

To send – send

To fly – flew

## to be                  to have

I **was**                  I **had**

You **were**                  You **had**

He/She/It **was**                  He/She/It **had**

We **were**                  We **had**

You **were**                  You **had**

They **were**                  They **had**

## 2. Interrogative form / Endrika manontany

**to teach:** mampianatra

**to understand:** mahazo  
(hevitra)

**to leave:** mandao, mamlela

**to send:** mandefa

**to fly:** manidina

**to stay:** mijanona

**hotel:** trano fandraisam-bahiny

**to go to work:** mandeha miasa

**yesterday:** omaly

**to ask:** manontany, mangataka

**to come:** avy, tamy, mankany

**house:** trano

**to see:** mahita

**party:** tefty

**last night:** omaly alina

**to drink:** misotro

Amin'ny sehatra ankapobeny, dia ialohavan'ny teny "did" ny fehezanteny manontany amin'ny endrika simple past ary mijanona amin'ny endriny voalohany kosa ny verb.

### **Did + Subject + Verb (+ Compliment)**

#### Examples

You **stayed** in a hotel. / Nijanona tany amin'ny hotely ianao.

⇒ **Did you stay** in a hotel? / Nijanona tany amin'ny hotely ve ianao?

She **went** to work yesterday. / Nandeha niasa izy omaly.

⇒ **Did she go** to work yesterday? / Nandeha niasa ve izy omaly?

Your dad **asked** me to come to your house. / Nangataka ahy ho an'ny aminareo ny dadanao.

⇒ **Did your dad ask** me to come to your house? / Nangataka ahy ho any aminareo ve ny dadanao?

### **3. Negative form / Endrika mandà**

Ny fision'ny "did not" izay azo afomezina amin'ny "didn't" no maneho ny endrika mandà amin'ny simple past, ary mijanona amin'ny endriny voalohany ny verb.

### **Subject + did not / didn't + Verb (+ Compliment)**

#### Examples:

I **saw** Mr. Parker at the party, last night. / Hitako tany amin'ny fety i Ramoto Parker omaly alina.

⇒ I **did not see** Mr. Parker at party, last night. / Tsy nahita an'i Ramoto Parker tany amin'ny fety aho omaly.

We **drank** in a pub last week. / Nisotro tany amin'ny bar izahay tamin'ny herinandro.

⇒ We **didn't drink** in a pub last week. / Tsy nisotro tany amin'ny bar izahay tamin'ny herinandro.

She **made** me a phone call this morning. / Niantso ahy izy aninkeo maraina.

⇒ She **did not make** me a phone call this morning. / Tsy niantso ahy izy aninkeo maraina.

**pub:** toeram-pisottoana, bar

**last week:** tamin'ny herinandro

**to make a phone call:** miantso an-telefaonina

**this morning:** aninkeo maraina